Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY EPISTILY VOALOHANY HO AN'NY KORINTIANA

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **A.- FAMPIDIRANA**
- a) **Ny maha-zava-dehibe ny fahalalana ny tontolo nisy ny Fiangonana** tao Korinto amin’ny fianarana sy fandalinana ny Epistily.
  - - Mampifanitsy ny zava-misy amin’ny fampianarana,
  - - Manampy hamantatra ny toe-java-misy, sao mifanandrify amin’izay iainan’ny Fiangonana ka handraisana fampianarana,
  - - Hijerena ny fifandraisana eo amin’ny tontolo misy sy ny fiainam-piangonana mba hakana lesona sy hitarafana ireo vahaolana tokony hampiharina eo amin’ny fahasahiranana lalovan’ny Fiangonana.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **A.- FAMPIDIRANA**
- **b) Ireo ventin-kevitra novoaboasan’i Paoly ao amin’ny Epistily**
- 1.10 – 4.21 Ny fisarahana sy ny fifampiandaniana tao amin’ny Fiangonana.
- 5.1-13; 6.12-20 Ny amin’ny fijangajangana na ny fitondran-tena ara-piraisana eo amin’ny kristiana.
- 6.1-11 Ny fitondrana ny adin’ny kristiana hotsarain’izao tontolo izao.
- 7.1-40 Ny amin’ny fanambadiana sy ny fitovoana.
- 8.1-13 Ny amin’ny hena izay efa natao fanatitra ho an’ny sampy.
- 9.1-27 Ny raharaha fiveloman’ny Paoly sy ny nampiasàny izany.
- 10.1-33 Ny amin’ny fanompoan-tsampy.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **A.- FAMPIDIRANA**
- **b) Ireo ventin-kevitra novoaboasan'i Paoly ao amin'ny Epistily**

11.2-16	Ny vehivavy sy ny lehilahy ao am-piangonana.
11.17-34	Ny manana sy ny mahantra ary ny Fanasan'ny Tompo.
12.1-31; 14.1-40	Ny amin'ny fanomezam-pahasoavana maro samihafa.
13.1-13	Ny fitiavana
15.1-58	Ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty.
16.1-3	Ny fifanampiana eo amin'ny samy Fiangonana.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **A.- FAMPIDIRANA**
- d) **Ny fomba fifandraisan'i Paoly sy ny Fiangonana** tao Korinto.
  - * Tatitra momba ny fiainan'ny Fiangonana izay valian'i Paoly amin'ny fampianarana sy fitaizana.
  - * Fanontaniana izay valian'ny Paoly amin'ny antsimpirihany sy hampaherezany ny Fiangonana.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **B.- NY TANANAN'I KORINTO**
  - Naorin'i Jules César tamin'ny taona 44 talohan'i Jesosy Kristy izy.
  - * Andevo nohafahana no napetraka tao teny am-piandohana. Eo ho eo ihany ny fari-piainan'izy ireo (*modeste*): mpivarotra madinika, mpanao asa-tanana, mpampianatra, sekretera.
  - * Toeram-pamaharana (*endroit stratégique*) teo amin'ny raharaham-barotra i Korinto.
  - * Tanàna nifangaroan'ny olom-pirenena maro samihafa (*cosmopolite*) izy ka nahitana grika, romana, syriana, egyptiana, jiosy, sns…

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **B.- NY TANANAN'I KORINTO**
  - * Niroborobo ny varotra ka nisy ireo nahay nanararaotra izany ka lasa nanan-karena (*nouveaux riches*).
  - * Nahasarika olona maro ny tanànan'i Korinto ka nisy - mpanan-karena vitsivitsy, - olona eo ho eo ihany maro, - olona mahantra betsaka. Ny lalao *Isthmiques* dia nampalaza azy tokoa, fa sady nampidi-bola ho an'ny tanàna no nisarika mpanao varotra sy zava-kanto ary mpanao fanatanjahan-tena maro.
  - * Tao koa ny fivarotan-tena izay niroborobo noho ny "tempolin'ny *Aphrodite*" sy ny fanao tao eo an-daniny, fa noho ny maha-*cosmopolite* ny mponina tao koa etsy an-kilany ka nanjary fampidiram-bola ho an'ny sasany izany (ny mpivaro-tena sy ny mpanera (*proxenète*)).

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **D.- NY FIARAHA-MONINA SY NY FIVAVAHANA.**
- *** Kolo-tsaina:**
- Tamin’ny fotoana nananganan’i Paoly Apostoly ny Fiangonana tao Korinto (nanodidina ny tanona 50) dia nanjaka ny kolo-tsaina nolovàna tamin’ny Grika tahaka ny tarigetra filozofika sy telojika izay manao izay hampivelatra ny maha-olona (*idéaux humanis*tes), ary koa ny lova avy amin’ny Romana izay mametraka lamina politika mikatsaka fivoarana hatrany.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **D.- NY FIARAHA-MONINA SY NY FIVAVAHANA.**
- *** Fivavahana:**
- Nivelatra ny fivavahana teo amin'ny fiaraha-monina ka nisy ireto:
  - Ny fivavahana amin'ireo andriamanitra grika: Appolon, Aphrodite, Eleusis, Zeus, Dionysos, Poséidon, Hélios, sns…
  - Ny fivavahana amin'ny Amperora.
  - Ny fivavahana avy any Egypta : Isis sy Serapis.
  - Ny fivavahana jiosy.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **D.- NY FIARAHA-MONINA SY NY FIVAVAHANA.**
- *** Fehiny:**
- Niroborobo sy nahazo vahana be tao Korinto ny varotra sy ny toe-karena ary ny fivavahana.
- Vokatr'izany dia nisy ny baranahiny (*laxisme*) ara-moraly.
- Ny kristiana dia nisokatra tamin'ny zava-baovao.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **E.- NY FIANGONANA.**
  - Tamin’ny diany faharoa i Paoly no nanangana ny Fiangonana tao Korinto. Voalazan’ny bokin’ny Asan’ny Apostoly faha-18 fa herintaona sy tapany (18 volana) izy no nitoetra tao Korinto nitory sy nampianatra ary nampiorina ny Fiangonana.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **E.- NY FIANGONANA.**
- *** Fiangonana *cosmopolite*.**
  - Tsy foko samihafa ihany no tao fa saranga samihafa koa.
  - Maro kokoa ny jentilisa (tsy jiosy) noho ny jiosy.
  - Nanomboka tany amin’ny andevo ka hatramin’ny mpiasam-panjakana ny kristiana tao.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **E.- NY FIANGONANA.**
- * **Fiangonana *cosmopolite*.**
  - Vitsy ny avo saranga noho ny olon-tsotra, ary maro ny mahantra (1Kor.1.26-29)
  - Maro ireo olona izay avy amin'ny fiaraha-monina *laxiste*.
  - Izay tena nanoratan'i Paoly ny taratasy dia ireo jentilisa nanan-toerana nefa tsy nanova ny fomba fiainany taorian'ny niovany ho kristiana. Ireo no noheverina fa loharanon'ny olana maro tao amin'ny Fiangonana.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **E.- NY FIANGONANA.**
- * **Fiangonana ao an-tokantrano.** 1Kor.16.19
  - Tsy mbola nisy ny Trano fiangonana (*temple dédié*) fa tany an-tokantranon'ny olona no nivory. Tsy tany Korinto ihany fa hatrany Roma sy Kolosia dia izany no fanao (Rom.16.5; Kol.4.15; 1Kor.16.19)
  - Tsy fomba vaovao naorin'i Paoly akory io, fa efa fomba fanaon'ny filozofa sy ny sofista izay mitety trano mba hampielezany ny fampianarany na ny hampisehoany ny fahaizany.

1. NY TONTOLO TANY KORINTO TAMIN'NY ANDRON'I PAOLY APOSTOLY.

- **E.- NY FIANGONANA.**
- * **Fiangonana ao an-tokantrano.** 1Kor.16.19
  - Koa teo amin’ny kristiana voalohany dia matetika ao an-tokantranon’ny olona manana-kaja na manan-katao no hivorian’ny Fiangonana. 1Kor.16.14-16; Rom.16.5,23; File.1-2.
  - Izany no nahatonga ny mpanoratra ny Epistily ao amin’ny Testamenta Vaovao hamporisika ny olona hazoto hampiantrano ireo mpitory na vavolombelona sendra mandalo. Rom.12.13; Heb.13.2; 1Pet.4.9-10; 3Jao.5-8.